REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA

## REPOBLIKA FAHAEFATRA

## FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA

## FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
## TAONA 2022

---

DIRECTION DE LA LEGISLATION
----------------
SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES
----------------

# FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-197

**FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY VOLAVOLAM-PANDAHARAM-POTOANAN'NY ANTENIMIERAMPIRENENA MANOMBOKA NY ALAROBIA 1 JONA 2022 KA HATRAMIN'NY ALATSINAINY 13 JONA 2022**

Fivoriana Faha-9
Natao ny
Alakamisy 2 Jona 2022
- Atoandro -

# FIVORIAMBE

**FILOHA**: Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré

**MPITANTSORATRA:** Ramatoa isany: - RAHANTANIRINA Lalao
- RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina

**FOTOANA**: Alakamisy 2 Jona 2022, tamin'ny 1 ora sy 35 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 1 Jona 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 13 Jona 2022.

Nitohy ny Alakamisy 2 Jona 2022, tamin'ny 1 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivorian'ny Antenimierampirenena. Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena avy amin'ny Faritanin'Antananarivo no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Taorian'izay, niangavy ny Mpitantsoratra hatrany ny tenany mba hamaky ny tatitra vokatry ny diniky ny Filoha.

Mbola Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina no nanatontosa izany, ka toy izao no fivakiny:

**FAMINTINANA NY FIVORIANA NATAON'NY "CONFERENCE DES PRESIDENTS" NY ALAKAMISY 2 JONA 2022**

Nivory ny Alakamisy 2 Jona 2022 nanomboka tamin'ny 10 ora sy 30, minitra, maraina, ny "Conférence des Présidents".

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohan'ny Antenimierampirenena no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo mpikambana ao amin'ny "Conférence des Présidents" sy ny solotenanan'ny Governemanta tonga niatrika izany (cf fiche de présence).

Fiarahabana ny mpikambana ao amin'ny Birao Maharitra, ireo Filoham-boamiera sy Filohan'ny Vondrona Parlemantera tonga niatrika izao fivoriana izao no nanombohan-dRamatoa Filoha mpitarika ny fitenennana.

Taorian’izay, nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba ho tonga mavitrika hanatrika ireo fivoriana maro misy eto anivon’ny Antenimierampirenena.
Niombonan’ireo Filohan’ny Vondrona Parlemantera izay nandray fitenenana izany fanentanana izany.

Novakiana avy eo ny volavolam-mpandaharam-potoana tapaky ny Birao Maharitra tamin’ny fivorian’izy ireo ny Alarobia 1 Jona 2022 tamin’ny 10 ora, maraina.

Taorian’izay, niroso avy hatrany tamin’ny adihevitra ny mpivory, ka nitana anjara toerana lehibe nandritra izany ny fangatahana nataon’Andriamatoa Praiminisitra ny hanaovana ny “Rapports d’activités du Gouvernement” sy ny fihaonana fametraham-panontaniana amin’ny Governemanta (Question au Gouvernement) aorian’ny 26 Jona 2022, ny mikasika ny “Loi de Finances Rectificative” ary ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2021/PL momba ny (Interruption Thérapeutique de Grossesse (ITG)).

Taorian’ny tsangan-tànana nataon’ireo mpikambana ao amin’ny «conférence des Présidents» dia tapaka fa:
- Hotanterahina aorian’ny 26 Jona 2022 ny “Rapports d’Activités du Gouvernement” sy ny fihaonana fametraham-panontaniana amin’ny Governemanta.
- Tsy ampidirina amin’izao volavolam-pandaharam-potoana izao ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2022/PL momba ny ITG.
-Mahakasika ny «Loi de Finances Rectificative», hampidirina ao anaty fandaharam-potoana izany raha vao tafapetraka eto anivon’ny Antenimierampirenena.

Toy izao ary ny volavolam-pandaharam-potoana tapaka tao amin’ny «conférence des Présidents» manomboka ny Alarobia 1 Jona 2022 ka hatramin’ny Alakamisy 13 Jona 2022 ary hoentina eo anivon’ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

(Jereo ny tovana)

ORDRE DU JOUR
Pour la période du **Mercredi 01 Juin 2022** au **Lundi 13 Juin 2022**

**MERCREDI 01 Juin 2022**

**10H 00**: Réunion des membres du Bureau Permanent. (Salle BP)

**JEUDI 02 JUIN 2022**

**09H 00**: **Conférence des Présidents**- (Salle BP)
**11H 00**: SEANCE PLENIERE - (Salle des séances)
**-Adoption de l’ordre du jour**

**MARDI 07 JUIN 2022**

**09H 00:** TRAVAUX DES COMMISSIONS
- **Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
- -**Commission de l’Economie et de la Planification** (Saisie pour avis)
- -**Commission de l’Energie et de l’Eau** (Saisie pour avis)- (Salle des séances)

-Projet de loi n°001/2022 du 27/01/2022 autorisant la ratification de l'accord de financement relatif à la participation de l'Etat Malagasy au capital de la société NEHO/projet Hydroélectrique de SAHOFIKA conclu le 10 juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds africain de Développement BAD/FAD.

- **Commission des Finances et du Budget** (Saisie au fond)
- **Commission de l'Economie et de la Planification** (Saisie pour avis)
- **Commission des Travaux Publics** (Saisie pour avis) -(Salle des séances)

-Projet de loi n°002/2022 du 11 mai 2022 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Connecter Madagascar pour une croissance Inclusive, conclu le 18 avril 2022 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA).

**15H 00**: TRAVAUX DES COMMISSIONS
- **Commission Evaluation des Politiques Publiques** (Saisie au fond)
- **Commission Juridique** (Saisie pour avis)
- **Commission de l'Economie et de la Planification** (Saisie pour avis) - (Salle BP)

PROPOSITION DE LOI n°006-2021/PL du 29 Octobre 2021 relative à l'Evaluation des Politiques Publiques à Madagascar, présentée par Madame Eléonore JOHASY, Députée de Madagascar élue dans le District de Vangaindrano, Présidente de la Commission Evaluation des Politiques Publiques et consorts.

**MARDI 07 JUIN 2022**

**15H 00**: TRAVAUX DES COMMISSIONS
- **Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation** (Saisie au fond)
- **Commission Juridique** (Saisie pour avis)- (Bibliothèque)

PROPOSITION DE LOI n°009-2021/PL du 08 Décembre 2021 modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale présentée par Madame RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Députée de Madagascar élue dans le District d'Ambatofinandrahana, Présidente de l'Assemblée nationale.

SEANCES PLENIERES - (Salle des séances)

**MERCREDI 08 JUIN 2022**

**10H 00**: -Projet de loi n°001/2022 du 27/01/2022 autorisant la ratification de l'accord de financement relatif à la participation de l'Etat Malagasy au capital de la société NEHO/projet Hydroélectrique de SAHOFIKA conclu le 10 juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds africain de Développement BAD/FAD.

- Projet de loi n°002/2022 du 11 mai 2022 autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Connecter Madagascar pour une croissance Inclusive, conclu le 18 avril 2022 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale de Développement (IDA)

**15H 00**: **Rapport de mission**: 51ème Assemblée plénière du FP SADC du 22 avril au 02 mai 2022 à Johannesburg présenté par les membres de la délégation.

**Rapport de mission**: Travaux de la Commission de l'Education, de la Communication et des Affaires Culturelles (CECAC). Travaux du Réseau des femmes parlementaires et du Réseau des jeunes parlementaires Papeete (Polynésie française), du 19 au 22 avril 2022 par la déléguée de l'Assemblée nationale.

**JEUDI 09 JUIN 2022**

**10H 00**: -PROPOSITION DE LOI n° 006-2021/PL du 29 Octobre 2021 relative à l'Evaluation des Politiques Publiques à Madagascar, présentée par Madame Eléonore JOHASY, Députée de Madagascar élue dans le District de Vangaindrano, Présidente de la Commission Evaluation des Politiques Publiques et consorts.

**15H 00**: **Rapport de mission**: Réunion intersessionnelle de la Commission des Affaires Parlementaire de l'Assemblée Parlementaire de la Francophonie (APF).

**VENDREDI 10 JUIN 2022**

**10H 00**: -Proposition de loi n°009-2021/PL du 08 Décembre 2021 modifiant et complétant certaines dispositions du Code de procédure pénale présentée par Madame RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Députée de Madagascar élue dans le District d'Ambatofinandrahana, Présidente de l'Assemblée nationale.

**LUNDI 13 JUIN 2022**

**10H 00**: **Réunion des membres du Bureau Permanent**. (Salle BP)

**MEMBRES DU BUREAU PERMANENT**

| N° d'ordre | NOMS ET PRENOMS | FONCTION | EMARGEMENT |
|---|---|---|---|
| 1 | RAZANAMAHASOA Christine Harijaona | Présidente | |
| 2 | RASOLONJATOVO Honoré | Vice-Président | |
| 3 | RAHELIHANTA Jocelyne | Vice-Président | |
| 4 | RAHANTANIRINA Lalao | Vice-Président | |
| 5 | HENRI Jean Michel | Premier Questeur | |
| 6 | RABENIRINA Maminiaina | Troisième Questeur | |
| 7 | ANGELE Solange | Rapporteur-Général | |
| 8 | RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina | Rapporteur Général Adjoint | |

**PRESIDENTS DES COMMISSIONS**

| N° d'ordre | COMMISSIONS PERMANENTES | NOMS ET PRENOMS | ENTITE | EMARGE MENT |
|---|---|---|---|---|
| 01 | Commission des Ressources Stratégiques | MOHAMAD Ahmad | IRD | |
| 02 | Commission de la Défense Nationale | VELOMAHAZO Patrice | IRD | |
| 03 | Commission des Affaires Etrangères | RAZAFIMAHATRATRA Daniel Jean Christian | IRD | |
| 04 | Commission des Finances et du Budget | ANDRIAMIASASOA Doda Nirimboavonjy | IRD | |
| 05 | Commission de l'Industrie et du Développement du Secteur Privé et des Petites et Moyennes Entreprises | ANDRIAMBELOSOA Heriniaina | IRD | |
| 06 | Commission Juridique | IDEALSON | IRD | |
| 07 | Commission de l'Intérieur et de la Décentralisation | RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa | IRD | |
| 08 | Commission de l'Environnement, de l'Ecologie et des Forêts | RAKOTONDRAZAFY José Alain | IRD | |
| 09 | Commission de la Santé Publique | RAJAOBELINA Lova Herizo | IRD | |
| 10 | Commission du Commerce et de la Consommation | ASSIMO Bruno | IRD | |
| 11 | Commission des Ressources Halieutiques et de la Pêche | BAOFENO Micheline | IRD | |
| 12 | Commission de la Fonction Publique, du Travail et des Lois sociales | FIAROVANA LOVANIRINA Célestin | IRD | |
| 13 | Commission du Genre et du Développement | MASY GOULAMALY Marie Jeanne d'Arc | GPR | |
| 14 | Commission de l'Evaluation des Politiques Publiques | JOHASY RAHARISOA Eléonore | GPR | |

**PRESIDENTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

| N°d'ordre | GROUPE PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS | EMARGEMENT |
|---|---|---|---|
| 1 | GPR | MILAVONJY Andriasy Philobert | |
| 2 | TIM | RALAMBOZAFIMBOLOLONA | |
| 3 | IRD | VELONTSARA Paul Bert | |

**REPRESENTANTS DES GROUPES PARLEMENTAIRES**

| N°d'ordre | GROUPE PARLEMENTAIRES | NOMS ET PRENOMS | EMARGEMENT |
|---|---|---|---|
| 1 | TIM | RAMBOASALAMA Emilien | |
| 2 | TIM | RABEKIJANA Solofo Hery | |

**Représentant du Gouvernement:**
Yamicole Franckline

Rehefa avy nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny nanatanterahany izany, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, nanambara fa hiroso amin'ny fanamarihana na fanitsiana ny tatitra ny mpivory.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, nambarany fa «saisie pour avis» fa tsy «saisie au fond» ny an'ny «comission des travaux publics» izay hatao ny Talata 7 Jona 2022 amin'ny 9 ora, maraina.

Tsy nisy nanan-kolazaina intsony ny mpivory, ka nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 1 Jona 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 13 Jona 2022 ny mpivory.

Nomarihany fa ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 29 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena manomboka ny Alarobia 1 Jona 2022 ka hatramin'ny Alatsinainy 13 Jona 2022.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Filoha fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha toa manan-kambara.

Fisaorana sy fankasitrahana no natolo-dRamatoa YAMICOLE Franckline raha nandray fitenenana. Nanararaotra niarahaba ireo Solombavambahoaka renim-pianakaviana ihany koa ny tenany tamin'ny nahatratrana ny fetin'ny reny.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka dia ny Talata 7 Jona 2022, izay hanaovana ny asam-baomiera mikasika ny volavolan-dalàna laharana faha-001/2022 tamin'ny 27 Janoary 2022 «autorisant la ratification de l'accord de financement relatif à la participation de l'Etat Malagasy au capital de la société NEHO/Projet Hydroélectrique de SAHOFIKA conclu le 10 juin 2020 entre la République de Madagascar et le Fonds Africain de Développement BAD/FAD» sy ny volavolan-dalàna laharana faha faha-002/2022 tamin'ny 11 Mey 2022 «autorisant la ratification de l'accord de prêt relatif au financement du projet Connecter Madagascar pour une croissance inclusive, conclu le 18 avril 2022 entre la République de Madagascar et l'Association Internationale ee Développement (IDA)», Andriamatoa Mpitarika fivoriana ary nanentana ny Solombavambahoaka mba havitrika amin'ny fanatrehana ireo asam-baomiera ireo.

Niato tamin'ny 1 ora sy 55 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika fivoriana.

**NY FILOHA**

**RAZANAMAHASOA Christine Harijaona**